# Toriteny ho amin'ny Andron'ny Fanahin'ny Faminaniana

## Fiverenana amin'ny Alitara

*Nosoratan'i Dwain Desmond,Tale Mpanampy,WHT*

Raha ampitahaina amin 'ny zavatra anankiray ny Baiboly, dia mety kokoa raha ampitahaina amin'irony fikorisana amin'ny herin'aratra miaka-midina antsoina hoe « montagne russe » irony izany. Ny tantarany dia mampiseho ny tendro avo sy ivan'ireo arivo taona vitsivitsy voalohan'ny olombelona. Misy ny tendro avon 'ny famoronana, ary ny tendro ivan'ny fahalavoana (Gen 3, 4). Misy ny tendro avon'ireo vahoaka teraka tamin'ny vanim-potoan'ny patriarika izay tian'Andriamanitra ampiasaina mba hanavotana izao tontolo izao amin'ny fahotana (Gen 12:1-3; Gen 17:4). Saingy avy eo dia misy ny tendro ivan'ny tanjona very sy ny tsy fisian'ny fanoloran-tena, ny fahotana sy ny fihemoran'ny firenena, toy ny hitantsika ao amin'ny 1 Mpanjaka 18:16-45. Ao amin'io andinin-teny mampieritreritra io, dia tsapantsika ny hery tsitohan'ilay Andriamanitra Mahery Indrindra sy ny fahalemena tanterak'ireo andriamanitry ny olombelona. Hitantsika eto ny tampon'ny tendrombohitry ny fandeferan' Andriamanitra sy ny lohasahan'ny tsy fankatoavan'ny olombelona, ny fara tampon'ny fivavahana marina sy ny fanindrahindrana ny fivavahan-diso, ny fandresen'ilay Andriamanitra marina sy ny faharesen'ireo andriamanitra tsy izy!

Navesatra ny rivotra niainana tamin'io andro io teo amin'ny Tendrombohitra Karmela, na dia nisy fahanginana nitoetra aza teo amin'ireo vahoaka tafavory. Tamin'ny fotoana teo aloha dia mavana sy maitso ary tsara tarehy io tendrombohitra avo io. Nahazo rotsak'orana be dia be izy io ary noraisina ho toerana masina, toerana feno fitahiana sy fahavokarana. Niova anefa izany rehetra izany. Ny zavatra maitso teo aloha dia maina ankehitriny sy mangadihady, vokatry ny hain-tany naharitra telo taona sy tapany (1 Ki 17:1; 18:1; Jakoba 5:17). Toy izao ny famaritan'i Ellen White an'i Israely tamin'izany fotoana izany:

> Tahaka ny nohamain'ny afo ny hamainan'ny tany. Nandevona izay fara soritra hita tamin'ny zava-maniry ny masoandro. Ritra ny renirano, mitoreo ny biby nandrasana, ary nirenireny tamim-pijaliana teny rehetra teny. Tonga tahaka ny efitra ny saha nahavokatra taloha. Fahoriana tsy hita pesimpesenina izany. Nanintsan-dravina ireo ala kely natokana hivavahana tamin'ny

sampy ; tsy nanome ny alokalony intsony ny hazo an'ala miova tsy ny taolana tsy misy nofo. Maina sady manevokevoka ny rivotra iainana ; manempotra sady manimba maso ny fasika entin'ny tafio-drivotra mahery. Nanjary ravarava ny tanàn-dehibe mbamin'ny vohitra madinika niroborobo fahiny. Nandringana ny olona sy ny biby tamin'ny mahatsiravina ny hanoanana sy ny hetaheta. Niely niaraka tamin'ny horohoro mpanara-dia azy ny mosary. » - Mpaminany sy Mpanjaka, 99

## Ny Hain-tany Ao Anatiny

Angamba mbola lehibe kokoa noho ilay hain-tany namely ny Fanjakan'ny Israely Avaratra ny tsy fahampian'ny fahatokian'izy ireo, ny hain-tany ara-panahy izay nahatonga ny vahoakan'Andriamanitra hangetaheta sy tsy ampy rano, ary toa tsy nahalala ny faharatsian'ny toerana nisy azy. Tamin'izany fotoana izany Isiraely dia teo ambany fitondran'i Ahaba mpanjaka ratsy fanahy sy Jezebela vadiny izay fanta-daza tamin'ny haratsiam-panahy - angamba ny safidy ratsy indrindra natao tamin'ny fisafidianana vady. Raha nikatsaka ny hampitony ilay vadiny Sidoniana izy (1 Mpanj 16:29-33) dia niala tamin'Ilay Andriamanitra marina ho amin'ny fivavahana amin'ireo andriamanitra tsy izy. Misy vokany mandrakizay ny fisafidianana vady, ary vitsy no mihevitra fa misy vokany eo amin'ny taranaka misy azy izany.

Ny zavatra nanomboka tamin'ny fihetsika madinika fanaovana marimaritra iraisana eo amin'ny ara-pivavahana dia lasa fihemorana niely patrana rehefa jerena ny 1 Mpanjaka 18. Tonga hatramin'ny fanorenana tempolin'i Bala ho an'ny vadiny tany Samaria, renivohitry ny fanjakana, ilay mpanjaka fahafito teo amin'ny Israely, ary tsy nijanona hatreo izy. Nanangana toerana lehibe ho an'i Aseraha koa i Ahaba, ary mpisorona 400 no nanantanteraka ny fanompoam-pivavahana tamin'ny sampy tao. Tsy iray na roa ny mpaminanin'i Jezebela nanompo an'i Bala sy Aseraha, fa nisy 850. Nefa tsy nampitony azy izany rehetra izany!

## Fiaraha-monina tsy mampahazo aina

Ny asa voalohany nataon'i Jezebela voarakitra ao amin'ny Soratra Masina dia ny "Famonoana Mpaminany." Ny fivavahan-diso sy ny mpanaraka fivavahan-diso dia hikatsaka mandrakariva ny hamongorana ny fivavahana marina sy ny mpanaraka ny fivavahana marina. Tsy afaka hiara-monina ny fivavahan-diso sy ny fivavahana marina. Tsy maintsy maty ny anankiray mba hiainan'ny iray.

Ao amin'ny 1 Mpanjaka 18:4, ny Baiboly dia milaza fa rehefa namono ireo mpaminanin'i Jehovah i Jezebela, dia nafenin'i Obadia – lehiben'ny tao an-dapan'i Ahaba izay natahotra mafy an'i Jehovah - ny 100 tamin'izy ireo ka nataony tao anaty zohy ary novelominy mofo sy rano. Manambara ny Baiboly fa "i Ahaba dia nanao ny Aseraha ka nampahatezitra an'i Jehovah, Andriamanitry ny Isiraely, mihoatra noho ny mpanjaka rehetra teo alohany" (1 Mpanjaka 16:33). Tena nifantoka tamin' i Ahaba sy Jezebela ary Isiraely ny fahalianan'Andriamanitra manontolo. Toy izao no ambaran'i Ellen White :

> "Ny antso niverimberina, ny fananarana, ny fampitandremana natao tamin'ny vahoakan'Isiraely dia tsy nahatarika azy ho amin'ny fibebahana, ka tonga ny fotoana nitenenan'Andriamanitra taminy tamin'ny alalan'ny famaizana." – Mpaminany sy Mpanjaka, 96

Tao anatin'izany olana ara-panahy nandravarava izany no niantsoan' Andriamanitra an'i Elia mpaminany, lehilahy iray izay midika hoe "Jehovah no Andriamanitro." Toy ny hoe nahita an'io fotoana io teo amin'ny tantara Andriamanitra, ary nanonofy an'i Elia mba hiatrika izany. Fantatr' Andriamanitra i Elia talohan'ny nahaterahany, ka nohamasininy ho mpaminany, ary nentiny nifanehatra tamin'i Ahaba sy Jezebela izy tamin'ny fotoana voatondro. Mety ho nanana ireto mpivady ireto tao an-dapa i Satana, fa Andriamanitra kosa nanana ny mpanompony teny an-tsaha.

Ry namana, mety tsy ho fantatrao amin'izao fotoana izao fa ny fanomezam-pahasoavana sy ny talenta ary ny fahaiza-manao anananao miavaka dia notendren'Andriamanitra ho amin'ny tanjona ambony kokoa. Aoka tsy hisalasala mihitsy ianao fa manana zavatra lehibe hampanaovina anao Andriamanitra! Hoy i Ellen White momba an'i Elia:

> "Nisy lehilahin'ny finoana sy ny fivavahana iray tamin'ny andron'i Ahaba, izay tokony hampitsahatra ny fihazakazahan'ny fihemorana tany Isiraely tamin'ny alalan'ny asa ilana fahasahiana nanirahana azy tamin'ny andro nanjakan'i Ahaba." – Mpaminany sy Mpanjaka, 95

**Naniraka Mpaminany Andriamanitra**

Rehefa nifanehatra tamin'i Ahaba i Elia dia niampanga ny mpaminanin'Andriamanitra ho ilay "mampidi-doza" amin'Isiraely izy (1 Mpanj 18:17). Angamba azo takarina izany satria i Elia no nanambara fa tsy hisy orana hilatsaka amin'i Isiraely raha tsy noho ny teniny (1 Mpanj 17:1). Telo taona tatỳ aoriana dia nilefitra ny fanapahan-kevitr'i Ahaba. Nankatò tamim-pahalemem-panahy izy rehefa nandidy azy Elia hihaona aminy tany an-tendrombohitra Karmela niaraka tamin'ireo

mpaminanin'i Bala sy Aseraha rehetra. Izany no fahefana ara-panahy sy tombon-tsoa nananan'ny mpanompon'Andriamanitra. Tamin’ny fomba ahoana no nahazoany izany hery izany? Nanatanteraka iraka masina izy mba hanorina indray ny alitaran'ny fivavahana tamin'ilay Andriamanitra marina sy velona!

Izany, ry namana malala, no tena ifantohan'ny zavatra ataon' Andriamanitra eo amin'ny raharahan'ny olombelona. Mikatsaka hatrany ny hitondra ny olombelona hiverina amin'ny fifandraisana marina Aminy Andriamanitra, ary miantso mpaminany lahy sy vavy Izy mba hampita ny hafany rehefa maniasia isika. Ny Fiangonana Advantista Mitandrina ny Andro Fahafito dia mino fa i Ellen G. White dia nanana ny fanomezam-pahasoavan'ny faminaniana amin'izao andro moderina izao mba hiantso lehilahy sy vehivavy - indrindra ireo ao amin'ny Fiangonana Advantista Mitandrina ny Andro Fahafito – mba hiverina any amin'ny "alitaran’ny Soratra Masina ».

Ao amin'ny boky fahenina amin'ny *Temoignages pour l’Eglise* dia manoratra izy manao hoe: "Tokony ho raisintsika toy ny fahefana faratampony ny tenin'Andriamanitra."  Maneho hevitra fanampiny izy ao amin'ny teny fanolorana ao amin’ny bokiny *Hery Mifanandrina*, ilay asa sorany tena miavaka mikasika ny fifanandrinana eo amin'ny tsara sy ny ratsy, manao hoe:

> "Tokony hekena ho fanambarana manam-pahefana, tsy mety diso momba ny sitrapony ny Soratra Masina. Fanevan’ny toetra amam-panahy izany, mpanambara ny foto-pinoana ary mpisedra ny fanandramana." – p.11

Ao amin’ny boky *Life Sketches*  dia manao fanamarihana izy fa "raha nanao ny tenin'Andriamanitra ho fianarana ianareo, miaraka amin’ny faniriana hanaraka ny fitsipiky ny Baiboly sy hahatratra ny fahatanterahana kristiana, dia tsy ho nila fijoroana vavombelona ianareo. Fa noho ny tsy nanaovanareo an-tsirambina ny fifankazarana amin'ilay boky nomen’ny tsindrimandrin'Andriamanitra dia nikatsaka ny hanatona anareo amin'ny alalan'ny fijoroana ho vavolombelona tsotra sy mivantana Izy, ary misarika ny sainareo amin'ireo teny nentanin’ny Fanahy izay tsy noraharahainareo ny fankatoavana azy, sy mampirisika anareo mba hanefy ny fiainanareo hifanaraka amin’ireo fampianarana madio sy ambony ao anatiny."

Ary mba tsy hahatonga antsika hihevitra fa ny fijoroany ho vavolombelona dia hatao ho ambony kokoa noho ny Soratra Masina, dia ambarany mazava tsara fa "ny fijoroana ho vavolombelon'ny Rahavavy White dia tsy tokony hatao eo aloha. Ny Tenin'Andriamanitra no fitsipika tsy mety diso . . . Aoka ny rehetra hanaporofo ny heviny avy ao amin'ny

Soratra Masina ary hanamafy ny hevitra rehetra lazainy fa marina avy ao amin'ny Tenin'Andriamanitra voambara."

> Rehefa niantso ny Fiangonan'Andriamanitra sisa hiverina amin'ny Baiboly i Ellen White dia nanao asa tamin'ny fanahin'i Elia tao an-tendrombohitra Karmela araka ny voalaza ao amin'ny 1 Mpanjaka 18. Ireo izay mivavaka amin'Andriamanitra dia tsy maintsy mivavaka Aminy amin'ny fanahy sy amin'ny fahamarinana (Jaona 4:24). Niantso ny Isiraelita hiverina amin'ny Tenin'Andriamanitra sy ny fivavahana amin'Andriamanitra i Elia. Toy izany koa ny asa soratr'i Ellen White dia natao hiantso antsika hiverina amin'ny Tenin'Andriamanitra sy ny fivavahana amin'Andriamanitra!

"Maniraha hamory ny Isiraely rehetra hihaona amiko any an-tendrombohitra Karmela," hoy ny nandidian'ny mpanompon' Andriamanitra. "Ento ny mpaminanin'i Bala rehetra 450 sy ireo mpaminanin'i Aseraha 400! Ho jerentsika izay tena Andriamanitra! Ataovy azo antoka fa tonga avokoa ny olona rehetra," hoy ilay lehilahin' Andriamanitra. Rehefa nivory teo amin'ny tendrombohitra karankaina ny Isiraely rehetra, dia nasain'i Elia nentina ny vantotr'ombilahy. Hamono sy hanomana ny iray izy ary hanomana ny iray hafa koa ireo mpaminanin'i Bala. "Ary miantsoa ny anaran'ny andriamanitrareo," hoy izy nanohy, "ary izaho koa hiantso ny anaran'i Jehovah. Izay Andriamanitra mamaly amin'ny afo dia aoka Izy no ho Andriamanitra. Ary ny olona rehetra namaly hoe: 'Marina izany teny izany" (1 Mpanj 18:24).

Efa mahazatra loatra ny tohin'ny tantara. Niantso ny andriamaniny ireo mpaminanin'i Bala nanomboka ny maraina ka hatramin'ny mitataovovonana ary tsy nisy afo nandevona ny sorona nataony. Taona maro nisian'ny fivavahan-diso, taona maro nisian'ny ota sy fihemorana, taona maro nisian'ny fahalemena ara-panahy no indro fa miharihary hitan'ny firenena rehetra ankehitriny. Ny akanjom-pisoronana mirebareba dia tsy midika velively fa nanan-kery sy fahefana ireo mpamita-bahoakan'i Bala ireo. Tsy nisy dikany tamin'io andro io ireo toriteny mampanantena harena notorin'izy ireo nandritra ny taona maro. Fantatry ny olona teo izay tena Andriamanitra marina na tsia. Tsy nisy dikany ny fanekem-pivavahana mahery vaika tao an-tendrombohitra Karmela tamin'io andro io. Ny hany zava-dehibe dia ny hoe nahafantatra an'ilay Andriamanitra marina sy velona ve ny olona na tsia. Na afaka nivavaka tamin'izany Andriamanitra izany ve ny olona na tsia!

Rehefa naneso ireo mpaminanin'i Bala i Elia, ka nampirisika azy ireo hihiaka mafy mba hisarika sy hanaitra ny sain'ny andriamaniny, dia nivadika ho toy ny nofy ratsy ny zava-nitranga: "Dia niantso mafy indray ireo sady nitetika ny tenany araka ny fanaony amin'ny sabatra sy ny

lefona tahaka ny fanaony, mandra-pahaloa-dra ny tenany" (1 Mpanj 18:28). Nanohy ny hiakiaka sy ny fitabatabana mihoson-drà izy ireo mandra-pahatongan'ny fotoan’ny fanatitra hariva, saingy tsy nisy afo avy tamin'ny andriamaniny. Tsy nanana ny "herin'afo" i Bala!

## Herin’ny Afo

Hoy ny 1 Mpanjaka 18:30 manao hoe: « Ary hoy Elia tamin'ny olona rehetra: 'Manatona ahy.' Dia nanatona azy ny olona rehetra. Ary Elia namboatra ny alitaran'i Jehovah izay efa rava », ka naka vato 12 araka ny isan’ny firenen’ny zanak’i Jakôba/Isiraely, dia nataony alitara izany ary nanao hady manodidina izy (and. 32). Avy eo dia nataony teo ambonin'ny alitara ny hazo, ary napetrany teo amboniny ilay fanatitra, dia nangataka rano inefatry ny siny lehibe izy mba harotsaka eo ambonin'ilay fanatitra. Tamin'ny lela maina vokatry ny rivotra feno vovoka sy ny molotra mangetaheta manoloana izao « fandaniam-poana » ny rano nataon'i Elia izao, dia niantso ilay lehilahin'Andriamanitra hoe: "Ataovy indray izany!" Namerina ny baikony in-droa izy mandra-pidinan'ny rano teo amin'ny alitara ary nameno ny hady manodidina izany (and. 35).

Ny 1 Mpanjaka 18:36 hatramin'ny 39 dia mirakitra ny fandresena mahatalanjona sy miezinezina nataon'Andriamanitra teo Karmela:

> « Ary nony tamin'ny fotoan'ny fanatitra hariva, dia nanatona Elia mpaminany ka nanao hoe : « Jehovah ô, Andriamanitr'i Abrahama sy Isaka ary Isiraely, aoka ho fantatra anio fa Hianao no Andriamanitra amin'ny Isiraely ary izaho no mpanomponao, ary araka ny teninao no efa nanaovako izao zavatra izao. Mihainoa ahy, mihainoa ahy, Jehovah ô, mba hahafantaran' ireto olona ireto fa Hianao Jehovah no Andriamanitra, ary Hianao no nampiverina ny fony indray. » Dia latsaka ny afon'i Jehovah ka nandoro ny fanatitra dorana sy ny kitay hazo sy ny vato ary ny vovoka sady nandriatra ny rano izay tao amin' ny hady kely. Ary raha nahita izany ny olona rehetra, dia niankohoka ka nanao hoe: "Jehovah, Izy no Andriamanitra! Jehovah, Izy no Andriamanitra!"

Tsy azo lavina, tsy manam-paharoa ary tsy hay hadinoina ny fanehoana ny herin'Andriamanitra ! Tao anatin'ny fotoana iray monja no nampiorenan’Andriamanitra indray ny zavatra rehetra, namerenany tamin'ny laoniny ny voninahiny, nitakiany ny maha-azo itokiana Azy, ary nametrahany indray ireo laharam-pahamehana ara-panahin'ilay firenena.

Ry namana, efa nampifandanja ny zavatra teo amin'ny fiainanao ve Andriamanitra raha toa tahaka ny nandresy ny ratsy? Efa navelan' Andriamanitra hihiaka ve ianao manao hoe: "Jehovah, Izy no

Andriamanitra! Jehovah, Izy no Andriamanitra! Jehovah, Izy no Andriamanitra!"?

## Niverina amin'ny alitara

Tsy afaka ny tsy hihiaka momba ny fandresen'Andriamanitra tamin’ny afo teo an-tendrombohitra Karmela isika, saingy misy ampahany amin'ity tantara ao amin'ny Baiboly ity izay matetika tsy dia raharahaina loatra. Tena nanohina ny foko ny zavatra nataon'i Elia tamin'io andro manokana io. Andeha hojerentsika akaiky kokoa ilay tantara.

Efa nieritreritra ireo fomba maro izay azon'Andriamanitra nanehoana ny heriny teo an-tendrombohitra Karmela ve ianao? Ohatra, raha toa ka Andriamanitra no nanome aina antsika (Gen 2:7), tsy ho afaka nisakana ny fofonainy tamin'ireo mpaminanin'i Bala sy Aseraha ve Izy? Dia ho nianjera tsy nisy aina tamin'ny tany izy ireo. Mety ho porofo mahatalanjona ny amin'ny maha-Andriamanitra Azy izany, saingy ho nanompo an'Andriamanitra noho ny tahotra ny vahoaka teo an-tendrombohitra Karmela sy ireo taranaka nifandimby. Angamba ho nantsoin'izy ireo hoe "Jehovah, Ilay Andriamanitra mpanaisotra ny fofon'ainao" Izy. Ny fofonaina rehetra dia ho toe-javatra feno tahotra miaraka amin'ny Andriamanitra toy izany.

Azon'i Elia natao ny nangataka tamin'Andriamanitra mba hanainga azy teo ambonin’ireo mpaminany sandoka tao Karmela ireo. Azo antoka fa raha hitan'ny olona izy niainga ho azy teny amin'ny lanitra tsy nisy nanampy, dia ho famantarana mahagaga izany fa Andriamanitra marina ny Andriamaniny. Mety ho nahomby izany tamin'ireo mpijery liana te-hahalala zavatra tamin'io andro io, saingy maro no ho nilaza izany ho majika na fanovà-maso – fanaovana fahagagana eny amin'ny rivotra, ny rivotra mahery vaika, ny zavatra rehetra fa tsy avy amin’ Andriamanitra.

Ry ankohonana malalan'Andriamanitra, afaka nangataka tamin' Andriamanitra i Elia mba hampiseho ny heriny tamin'io andro io tamin'ny fomba maro, kanefa tamin'ny andro nitrangan'izany dia nisafidy zavatra anankiray i Elia : nangataka an'Andriamanitra izy mba hanaporofo ny tenany eo amin'ny alitara ! Ary rehefa napetraka ny fifaninanana, rehefa novonoin'ireo mpaminanin'i Bala ny vantotr'ombilahiny, rehefa niantsoantso sy nitetika ny tenany izy ireo mandra-paharivan'ny andro, dia hoy i Elia tamin'Isiraely mpiodina nanao hoe: "Andeha hiverina amin'ny alitara - ilay alitara rava, ilay alitara hadino, ny alitaran'Ilay Andriamanitra marina sy velona nohadinoina!"

## Alitara ao amin'ny Soratra Masina

Tsy io akory no alitara voalohany voalaza ao amin'ny Soratra Masina! Nisy resaka alitara tao Edena, taorian'ny nahalavoan'i Adama sy Eva. Nanamboatra akanjo hoditra ho an'i Adama sy Eva Andriamanitra (Genesisy 3:21), ka nanao sorona biby iray mba hanaronana ny fitanjahan'izy ireo ara-batana, maneho an'i Kristy Izay hanarona ny fitanjahana ara-panahin'ny olombelona aty aoriana. Ao amin'ny Genesisy 4 rehefa nentin'i Abela ho an'i Jehovah ho fanatitra ny voalohan-teraky ny ondriny, dia nisy hevitra alitara nifono tao.

Rehefa nanafaka ny Isiraely tamin'ny fanandevozan'ny Egyptiana Andriamanitra dia nilaza tamin'i Mosesy ao amin'ny Eksodosy 25:8 Izy nanao hoe: "Asaovy manao fitoerana masina ho Ahy izy dia honina eo aminy Aho." Ary ny fitoerana masina dia nanana alitara mirehitra izay nanolorana fanatitra isan'andro ho an'Andriamanitra. Marina fa misy filazana alitara efajato mahery ao amin'ny Baiboly. Ny alitara ao amin'ny Soratra Masina dia maneho ireo toerana fahatsiarovana sy fanokanan-tena. Izy ireo dia mariky ny fanandramana fanoloran-tena niaraka tamin' Andriamanitra, dia ny fivavahana ataon'ny tena manokana amin'ilay Andriamanitra marina. Matetika ny alitara ao amin'ny Soratra Masina dia naorina mba ho fahatsiarovana ny fihaonana tamin'Andriamanitra, izay nisy fiantraikany lalina teo amin'ny fiainan'ny olona anankiray. Rehefa nanao zavatra mihoatra noho ny mahazatra Andriamanitra, mihoatra ny voajanahary/natoraly, tena miavaka, na mihoatra ny misy fiadanana, dia naniry hahatsiaro ny zavatra nataon'Andriamanitra ireo izay nandray tombontsoa avy amin'ny fitahian'Andriamanitra.

Ohatra, rehefa nilaza tamin'i Abrama Andriamanitra fa homeny ny taranany ny tany Kanana (Gen 12:7), dia nanorina alitara tao i Abrama satria ny fihaonany tamin'Andriamanitra dia "mihoatra ny mahazatra." Tamin'izay fotoana izay, dia nampanantena Andriamanitra fa hanao mihoatra ny mahazatra eo amin'ny zavatra rehetra eo amin'ny fiainan'i Abrama, ka hanao ny taranany ho vahoaka lehibe sy mahery.

Rehefa nitety ny tany Gerara i Isaka dia niady tamin'ireo mponina teo an-toerana noho ny rano tamin'ny lavaka fantsakana, dia niseho taminy Andriamanitra ka nanao hoe: « Izaho no Andriamanitr'i Abrahama rainao, aza matahotra fa momba anao Aho. Hitahy anao Aho sy hahamaro ny taranakao Aho" (Genesisy 26:24–25). Nankalaza izany fihaonana masina izany i Isaka tamin'ny alalan'ny fanorenana alitara teo amin'ilay toerana satria ny fihaonany tamin'Andriamanitra dia "mihoatra ny natoraly." Nopotehin'Andriamanitra ny lamina ara-boajanahary teo amin'ny fiainan'Isaka, mba hanamafisana fa azy ankehitriny ny teny fikasana natao tamin'ny rainy.

Nankany amin'ny toerana iray nantsoina hoe Betela i Jakoba, zanak'Isaka (Genesisy 35 :3) ary nanorina alitara ho fanomezam-

boninahitra an'Andriamanitra Izay niseho taminy tamin’ny fandosirany an'i Esao. Satria izany fihaonana tamin'Andriamanitra izany dia "tena manokana," dia nanorina alitara teo i Jakôba!

Ilay Gideona saro-tahotra dia gaga tamin-kafaliana, rehefa niseho taminy tamin’ny fomba feno fiadanana Andriamanitra, ary niantso azy hitarika an'ilay firenena ho amin'ny fandresena. Tena nihetsi-po tokoa i Gideona ka nanorina alitara teo amin’ilay toerana ary niantso Azy hoe "Jehovah no fiadanana" (Mpitsara 6:24), satria ny fihaonany tamin'Andriamanitra dia "tena feno fiadanana"!

Ny alitara dia maneho ny fanirian'ny olona iray hanokana ny tenany tanteraka ho an'Andriamanitra sy tsy hanadino velively ny zavatra nataon'Andriamanitra ho azy. Ireny alitara ireny dia fanekena fa tsy Andriamanitra isika! Zavatra tsy azontsika atao ho an'ny tenantsika samirery ireny zavatra mahagaga ireny! Maneho fanatrehana hita maso an'Ilay Andriamanitra tsy hita maso izy ireny, ary manome fanamby antsika mba hahatsiaro Azy. Noho izany no nahatonga ny fihetsika voalohany nataon'i Elia, mba hampihavanana ny Isiraely mpiodina amin'Andriamanitra, niantso azy ireo hiverina eo amin'ny alitaran'ny fivavahana amin'Ilay Andriamanitra marina sy velona!

## Iza no nandrava izany?

Ny fanontaniana iray tsy maintsy apetraka amin'io fitantarana io dia ny hoe: Ahoana no nahatonga an'Isiraely ho rava sy nirodana? Toy izany no niafaran’ny alitaran'Isiraely, satria ilay firenena dia nanampy zavatra tamin'ny fivavahany, izay mazava ho azy fa nitarika azy ireo hanalavitra an'Andriamanitra tatỳ aoriana. Ao amin'ny Eksodosy 32:8 dia tsy nandrara ny fivavahana marina i Arôna; nanampy fotsiny ombilahy kely izy ary niteny hoe: "Io no andriamanitrao, ry Isiraely, izay nitondra anao niakatra avy tany Egypta." Tany an-tendrombohitra mantsy i Mosesy, ary toa nangina Andriamanitra, ary tsy nahatombina intsony ny vahoaka. Nila zavatra izy ireo, ka dia tonga nahay namorona i Arona. Nanampy zavatra teo amin’ny fanandramam-pivavahan'izy ireo izy tamin'ny fotoana nianaran'izy ireo indray ny fomba fivavahana amin'Andriamanitra amin’ny fanahy sy ny fahamarinana. Ry ankohonan'Andriamanitra, mitandrema ny amin’ny zavatra ampianao eo amin'ny fiainanao rehefa toa tsy hitan'ny maso intsony Andriamanitra!

I Jeroboama dia tsy nandrara ny fivavahana tao amin'ny tempolin'i Jerosalema. Vao avy nanampy vantotr’omby roa tao Dana sy Berisheba izy (1 Mpanj 12:26-30). Mpitarika malemy izy ary nanana saina nifantoka be loatra tamin’ny tenany. Raha handeha hivavaka any amin'ny tempolin'i Jehovah any amin'ny Fanjakana Atsimo any Joda ny olona tao amin'ny

Fanjakan'ny Isiraely Avaratra, dia handao azy ny fon'izy ireo, hoy ny eritreriny. Mora kokoa ny nihazona azy ireo teo akaikiny. Ho takatr' Andriamanitra izany toe-javatra izany, sa tsy izany ? Nivaky roa ny Isiraely, ny antony betsaka indrindra dia noho ny tsy firaharahana. Nanamboatra zavatra izay nahatonga ny fivavahana ho "mora kokoa" izy ireo. Ry ankohonan'Andriamanitra, mitandrema ny amin'ny zavatra misolo toerana ny fivavahana marina avy amin’ny fivavahan-diso !

## Alitara mandalo fotoan-tsarotra

Amin'izao fotoana izao isika dia miatrika ny iray amin'ireo fihaikana lehibe indrindra teo amin'ny tantara ho an'ny alitaran’ny tena manokana sy ny fotoam-pivavahan'ny fianakaviana. Ny fanadihadiana dia maneho fa amin’ny taona 2022 ny ankamaroan'ny olona dia mandany adiny 2 sy 27 minitra isan'andro eo amin'ny tambazotra sosialy. Ny ankamaroan'izany fotoana izany dia lany eo amin'ny finday.

Ireo ankizy eo anelanelan'ny 8 sy 12 taona any Etazonia dia mandany 4-6 ora isan'andro mijery na mampiasa *écran*. Ny tanora kosa dia mandany hatramin'ny 9 ora isan'andro eo anoloan'izany. Ary manakoako any amin'ny faritra hafa eto amin'izao tontolo izao ity angondrakitra ity. Ny fanadihadiana dia tsy mitsahatra manaitra hatrany momba ny zavatra ataon'ny *écran* amintsika!

Asehon'ny fanadihadiana fa ny fampiasana tsy mahasalama ny teknolojia, indrindra fa ny *smartphone* sy ny tambazotra sosialy dia tena manimba antsika. Ny fampiasana tsy ara-dalàna ny tambazotra sosialy dia:

- Manimba ny fahaizantsika mifantoka
- Mahatonga antsika hahatsiaro tena ho irery
- Mampiakatra ny tahan’ny rarin-tsaina
- Mampitombo ny fahaketrahana sy ny fanahiana
- Mahatonga antsika hirona ho amin'ny fahitana ny lafiny ratsy eo amin'ny vatana
- Mandrisika ny tsy fahitana torimaso tsara
- Mitondra ho amin’ny fiankinan-doha
- Mitondra tahotra ny tsy hahita na hahazo zavatra
- Mampitombo ny fanantenana zavatra tsy azo tanterahina
- Miteraka tsy fahampiana eo amin'ny fitadidiana

Nanamarika ny mpanoratra iray fa miaina fiainana baikoin’ny *écran* isika. Ny *écran* dia mijoro eo anelanelan'ilay olona izay mamorona izany sy ny olona izay mandray izany. Arakaraka ny ihenan’ny fotoana hifampiresahana mivantana no mahavery eo amintsika ny harena sy tombon-tsoan'ny fifandraisana mivantana. "Noharian'Andriamanitra miaraka amin'ny faniriana mafy ny hifandray sy hifanerasera tsy misy elanelana amin'Andriamanitra isika." Inona no mitranga rehefa miova ny toe-tsaina ka tonga sarotra aminy ny mivavaka amin'Andriamanitra tsy misy elanelana? Afaka mivavaka amin'Andriamanitra amin'izany fomba izany ve isika, nefa tsy manana fahatsapana ny hampiato ny fanandramana toy izany?

Taloha elan’ny nahitan’ireo mpikaroka siantifika izany voka-dratsy izany, dia nanoratra toy izao i Ellen White tamin'ny 1888: "Lalàna ara-tsaina sy ara-panahy ny mahatonga antsika ho voaovan’ny zavatra banjinina. Ny saina dia mampifanaraka tsikelikely ny tenany amin'ny lohahevitra izay ampitoerina ao. Lasa mifanaraka amin'ny zavatra izay anazarana azy ho tiavina sy ankamamiana izy."

Tamin'ny 1872 dia nanao izao fanambarana izao izy: " Ny taova tsirairay amin'ny vatana dia natao ho mpanompon’ny saina. Ny saina no renivohitry ny vatana." Ary hoy koa izy tamin'ny 1896: "Ny saina no mifehy ny maha-olona manontolo. Ny zavatra rehetra ataontsika, na tsara na ratsy, dia manana ny loharanony ao amin’ny saina. Ny saina no midera an'Andriamanitra sy mampifandray antsika amin’ireo manan’aina any an-danitra." Lasa andriamanitra ho antsika ny fitaovana, ary fantaro fa andriamanitra izy ireny rehefa tsy afaka miaina tsy misy azy ianao.

Moa ve mahagaga raha nampiseho ny fanadihadiana natao vao haingana momba ny Advantista Mitandrina ny Andro Fahafito fa 52% monja amin'ny mambra no manao fanompoam-pivavahana maraina sy hariva, ary 37% monja amin'ny fianakaviana no manao izany? Amin'ny fomba ahoana no hahazoan'ny fiangonana iray izay manana hafatra mifantoka amin'ny fanekena an'i Jesosy Kristy ho Tompo sy Mpamonjy, ary ny fivavahana amin’Ilay nanao ny lanitra sy ny tany, ny ranomasina sy ny loharanon-drano (Apok 14:6-7) hampita izany hafatra izany raha toa ka izy aza tsy mivavaka akory? Ahoana no hiantsoantsika ny olona ho eo amin'ny alitara nefa ny alitarantsika rava?

Tsy ny fitaovantsika akory no ratsy. Tsy ny teknôlôjia no ratsy, fa ny fomba ampiasantsika azy ireny dia afaka manaisotra ny fotoana sarobidy tokony hiarahantsika amin'Andriamanitra, ary ny fahafahana ara-tsaina hiaina fifandraisana feno miaraka Aminy. Amin'ny alalan'ny fijerena sy fibanjinana no iovantsika! Matetika loatra ny vokatra lehibe indrindra dia

ny tsy firaharahiana ny alitara fivavahana – ny fotoana natokana hanoloran-tena ho an'Andriamanitra.

I Ahaba sy Jezebela dia nanao fotsiny ny zavatra nataon'ny mpitondra teo alohany. Fa nanampy andriamanitra hafa izay nangalatra ny fotoana tamin'ilay tena Andriamanitra izy. Nanampy andriamanitra izay nanaisotra ny saina tamin'ilay tena Andriamanitra izy. Nanampy andriamanitra izay nanova azy ireo sy ny faniriany an'Andriamanitra velona sy ny alitarany izy ireo. Rava ilay alitara hitan'i Elia teo an-tendrombohitra Karmela, satria rava ny fanoloran-tenan'ny vahoaka tamin'ilay tena Andriamanitra. Hitan'i Elia tamin'io andro io fa rava sy potika ny alitara, satria rava sy potika ny fon'ny olona. Ny zavatra hitantsika sy jerentsika, ny zavatra irintsika, ny zavatra apetrantsika manoloana ny endrintsika, ireny rehetra ireny dia manova antsika! Izany dia lalàn'ny natiora azo antoka toy ny lalàn'ny fisintonan'ny tany. Tsy mahagaga raha nanambara i Davida mpanjaka nanao hoe: "Tsy hampitoetra zava-dratsy eo anoloan'ny masoko aho" (Salamo 101:3). Manova antsika ny zavatra apetratsika manoloana ny endritsika.

**Vatosoa miafina**

Matetika no hadinon'ny olona ny fanamarihana anankiray ao amin'ny tantaran'i Elia tao an-tendrombohitra Karmela ao amin'ny 1 Mpanjaka 18:36. "Tamin'ny fotoan'ny fanatitra hariva" no nivavahan'i Elia mba hilatsahan'ny afo avy any an-danitra, mba hanehoan'Andriamanitra fa Izy no Andriamanitr'Isiraely. Ny fanandraman'ny fotoam-pivavahana maraina sy hariva no vatofantsika ara-panahin'ny fiainana Isiraelita. Nanorina ny fivavahana ataon'ny tena manokana/ny fianakaviana Andriamanitra mba hampivelarana ny firindran'ny fanoloran-tena eo amin'ny vahoakany : "Zanak'ondry iray no haterinao nony maraina, ary ny zanak'ondry iray kosa haterinao nony hariva" (Eks. 29:39), hoy Andriamanitra. Amin'ny heviny tena izy, i Elia dia tsy niantso ny firenena hiverina eo amin'ny alitaran'ny fivavahana marina fotsiny ihany ; nantsoiny hiverina amin'ny alitaran'ny fivavahana tsy tapaka sy amin'ny fotoana tsy miovaova amin'ilay Andriamanitra marina ihany koa ilay firenena ! Rava ny alitaran'ny fiaraha-mivavaka iombonan'Isiraely, nefa efa ela be talohan'izao no rava ny alitaran'ny fivavahan'ny tena manokana sy ny fianakaviana teo amin'Isiraely.

Ry havana malala, Elia dia nisafidy ny hanorina indray ny alitara aloha voalohany indrindra, tsy tiany ny fientanam-po mandalo sy amin'ny fotoana fohy. Natao hidina isa-maraina sy isan-kariva ny fanatrehan' Andriamanitra, rehefa tafavory eo anoloan'ny alitara ny Isiraelita. Te

hamerina amin'ny laoniny ny fivavahana amin'Ilay Andriamanitra marina izy, tsy amin'ny fotoana fohy fotsiny ihany, fa raha mbola miaina koa ny olona! Ireto misy zavatra roa azontsika raisina avy amin'ity tantara mahafinaritra ity:

1. **Rehefa Manorina Indray ny Alitarantsika Isika dia Hiverina Indray Andriamanitra**!

   Rehefa avy nanorina indray ny alitara i Elia, ka nanondraka izany tamin'ny rano, ary nanandratra ny fony tamin' Andriamanitra tamin'ny alalan'ny vavaka, izay vao nilatsaka ny afo avy tany an-danitra ka nandevona ny fanatitra. Mariho ny vavaka nataon'i Elia. Tsy tiany ho voaporofo ho mpaminany marina izy. Fa kosa tiany ho voaporofo fa Andriamanitra no tena Andriamanitra! Tsy momba ny tenany ilay fahagagana; fa momba an'Andriamanitra izany.

   Tsy natao ho azy ilay afo, fa natao ho an'Andriamanitra ny afo. Natao hanandratana ny anaran'Andriamanitra ilay afo ary hamantarana Azy ho ilay Andriamanitra marina!

   Ry malalan'Andriamanitra, rehefa manorina ny alitaranao ho an' Andriamanitra ianao, dia ho tonga aminao Andriamanitra. Aza avela hisy zavatra na inona na inona haka ny fotoana amin'ity fihaonana masina amin'Andriamanitra ity. Raha nanao zavatra ho anao Andriamanitra, raha teo Andriamanitra ho anao, raha nitantana anao tao anatin'ny fotoan-tsarotra Andriamanitra, dia aoreno indray ny alitara fivavahanao fa ho tonga eo aminao indray Izy!

Nanoratra toy izao i Ellen White tamin'ny 1886: "Amin'ny maraina, ny eritreritry ny kristiana voalohany indrindra dia tokony momba an'Andriamanitra. Manatòna Azy amim-panetren-tena, amin'ny fo feno hatsaram-panahy, ary miaraka amin'ny fahatsapana ireo fakam-panahy sy loza manodidina anao sy ny zanakao. Maraina sy hariva, amin'ny alalan'ny vavaka amin-kitsim-po ary ny finoana feno faharetana dia asio fefy ny zanakao. Ampianaro amim-paharetana izy ireo; ampianaro amin'ny hatsaram-panahy tsy mety sasatra izy ireo ny amin'ny fomba fiainana ankasitrahan'Andriamanitra." Tsy izay ihany, ry namako. Mbola misy zavatra hafa koa.

2. **Raha manorina izany isika, dia hanorina antsika izany**.

I Elia dia olon’ny vavaka. Ahoana no ahafantarantsika izany? Vakio indray ny vavaka nataony teo an-tendrombohitra Karmela (1 Mpanj 18:36-37). Tsy hahamarika antsoantso feno tabataba ianao, tsy misy fihetsika mikoropaka, tsy misy hiakiaka mafy, na tarika hanao fiderana manokana – fa fahefana madio, hery madio, finoana madio, ary tsy misy tahotra. Afaka milaza zavatra betsaka momba ny alitaran'ny olona iray ianao amin'ny alalan'ny fomba fivavahany.

Rehefa namahana vahoaka tamin’ny mofo dimy sy hazandrano roa i Jesosy dia milaza ny Baiboly fa niandrandra ny lanitra Izy ka nanaovany fisaorana ireo, dia novakiany (Lio 9:16). Tsy niangavy tamin’ Andriamanitra Izy mba hanao ; niaiky fotsiny Izy fa efa vita ilay fahagagana. Nanana alitara i Jesosy ! Rehefa nanangana an'i Lazarosy tamin'ny maty Izy dia niandrandra ny lanitra ary niteny hoe : "Ray ô, misaotra Anao Aho fa efa nihaino Ahy Ianao. Raha Izaho dia fantatro fa mihaino Ahy mandrakariva Ianao. Nilaza izany Izy noho ny amin’ny vahoaka nanodidina fa tsy ho an'ny Tenany" (Jao 11:41-42). Nanana alitara i Jesosy !

Matetika ny fahagagana nataon'i Jesosy dia tsy nialohavan’ny vavaka. Misy hevitra toy izao ao amin'ny Soratra Masina hoe manana hery betsaka kokoa noho ireo loza izay natrehany isan'andro i Jesosy. Taiza no nahazoan'i Jesosy izany hery izany? Nivavaka Izy. Nanana alitara i Jesosy - fotoana tsy tapaka itokanany ho amin’ny fivavahana manokana amin'ny Rainy! Ny Marka 1:35 dia milaza amintsika fa rehefa avy nanasitrana sy nanampy ny olona nandritra ny andro iray manontolo Izy dia nandany ny alina teo amin'ny alitarany tamin'ny alalan'ny vavaka tamin'ny Rainy. Rehefa nifidy ireo mpianatra 12 Izy dia nanao izany rehefa avy nivavaka nandritra ny alina iray manontolo (Lio 6:12-13). Nanorina ny alitarany i Jesosy ary ny fotoana nolaniany teo amin'ny alitarany dia nanamboatra Azy ho fanehoana mahery vaika ny fahamarinana. Raha manorina ny alitarantsika isika, dia hanorina sy hanamboatra antsika koa izy ireo! Raha manorina indray ny alitarantsika manokana sy ny an’ny fianakaviantsika isika amin'ny maha-Fiangonana Advantista Mitandrina ny Andro Fahafito antsika, dia hanorina sy hanefy antsika indray izy ireny! Hanomana antsika ho amin'ny fanompoana an'Andriamanitsika!

Nanana alitara fivavahana manokana koa i Elia. Avy teo amin'izany alitarany izany no nahitany ny faharavan’Isiraely: "Feno alahelo i Elia raha nahita an'io fihemorana io avy teo an-tendrombohitra. Tao anatin'ny fahorian'ny fanahy no nangatahany tamin'Andriamanitra mba hampiato ireo olona nahazo tombon-tsoa fahiny tamin'ny lalan-dratsiny. Tsy vonona ny hahita olona ho very noho ny fahotana izy. Tsy azony ny ainy raha ho anisan'ireo sisa nahatoky izy, nefa tsy niraharaha an'izao tontolo izao! Tiany mba hanao zavatra Andriamanitra, koa dia nandany fotoana

maharitra izy, niankohoka teo amin’ny alitarany nitalaho tamin'Andriamanitra.

Ny karazana fivavahana toy izany koa no fototry ny fiainan’i Ellen White sy asa fanompoany. Nandany ora maro tamin'ny vavaka izy, nandany alina maro nanoratra ireo torohevitra izay nasehon'Andriamanitra azy tamin'ny fahitana, ary niasa teo amin'ny « tendrombohitra Karmela » tamin'ny androny, niantso ny Fiangonana Advantista Mitandrina ny Andro Fahafito hiverina amin'ny Baiboly sy ny alitara masin'ny fotoam-pivavahan'ny tena manokana sy ny an’ny fianakaviana !

Ry sakaiza malalan'Andriamanitra, fotoana izao hananganana indray ny alitaran'ny fivavahan'ny tena manokana sy ny an’ny fianakaviana izay efa rava. Raha manorina indray an’izy ireny isika, dia hanatona antsika indray Andriamanitra ary handray ny sorona ataontsika. Raha manorina an’ireny isika dia hanorina sy hamolavola antsika koa izy ireny. Hanomana antsika izy ireny handray ny toerantsika ao anatin'ny fanambarana ireo hafatry ny anjely telo, dia ny hafa-pitiavana farany avy amin' Andriamanitra sy fampitandremana ny amin'ny tontolo iray mihavery. Hanomana antsika ho amin'ny fihavian'i Jesosy fanindroany izany. Enga anie Andriamanitra hitondra antsika hiverina eo amin'ny alitaran'ny Teniny ary hiverina eo amin'ny alitaran'ny fivavahana amin'ilay Andriamanitra marina sy velona. Tsy afaka mandroso isika raha tsy tafaverina eo !